

HAFATRA :

- Ny famokarana ara-tsakafo dia mitaky famokarana sakafo maro karazana sady be otrikaina.
- Vokary izay zavatra haninareo araka ny otrikaina ilain'ny vatanareo.

LESONA IANARANA :

- Momba ny famokarana ara-tsakafo,
- Ireo karazam-pambolena takiany.

TANJON'NY FIOFANANA :

Hahafehezan'ny mpiofana ny :

- Antony mahatonga ny tsy fanjarian-tsakafo ary ny tokony atao hisorohana azy,
- Fototry ny famokarana ara-tsakafo.

NY FIHODIN'NY TSY FANJARIAN-TSAKAFO



FAMOKARANA ARA-TSAKAFO



Ny famokarana mitodika amin'ny sakafo ♦ ProSAR



Mise en œuvre par
giz
Deutsche Gesellschaft für Internationale Zusammenarbeit (GIZ) GmbH
MINISTRE DE L'AGRICULTURE ET DU PASTORAL



NY FIHODIN'NY FANJARIAN-TSAKAFO



Bokala karoty ♦ ProSAR

HAFATRA :

Ny bokala karoty dia be otrikaina raha mitaha amin'ny karazany hafa ary azo volena sy ilàna mandava-taona (tsy mana taona).

LESONA IANARANA :

- Famokarana bokala karoty.

TANJON'NY FIOFANANA :

Hahafehezan'ny mpiofana ny :

- Ireo tombony azo avy amin'ny famokarana bokala karoty,
- Teknikam-pamokarana tahom-bokala na ladim-bokala,
- Teknikam-pamokarana bokala.



FAMPITOMBONA LADIM-BOKALA



1. Mampiasà tahom-bokala salama tsara ary tsy misy bibikely



2. Tapaho amin'ny antsy maranitra sy madio tsara ny tahom-bokala ary ataovy 20 sm na 1 jehy ny halavany sady misy « noeud » efatra farafaha kelin'ny Esorina ny raviny



3. Volena amin'ny tany lonaka tsara, mando ary misy zezika ny tahom-bokala azo



4. Rakofana bozaka maina ny tany mandritra ny 2 herinandro



5. Avaina foana isaky ny feno ahidrasy



6. Otazana amin'izay ny tahom-bokala salama tsara rehefa feno 5 herinandro



7. Afindra sy volena malaky amin'ny tany lonaka tsara, mando ary misy zezika ny tahom-bokala azo

FAMBOLENA BOKALA

Fambolena amin'ny tohoka



1. Mamboatra soritra mifananelana 70 sm sy halalina 15 cm



2. Rarahana zezika masaka ny eryl anelanelan'ny soritra



3. Totofana tany andaniny roa ny rondra mba ahazoana tohoka mirefy 20 sm eo ho eo



4. Atsotaka mitsangana ny tahom-bokala mirefy 30 sm na 2 jehy sy misy « noeud » efatra na enina Elanelanina 30 sm na 2 jehy ny tahombokala roa



5. Avaina sy tondrahana rehefa ilaina ary ampiana ny dongona afaka 4 herinandro

Fambolena amin'ny Basikety Kaomposita



1. Manao lavaka : 40 sm x 40 sm x 40 sm sy mielanelana 80 sm



2. Fenoina ahitra maina ny antsasaky ny lavaka

3. Avy eo arahana ravina maintso mora lo voatetika madinka Ohatra : laloasy, tanamasoandro, grevilia, via,



5. Asiana zezika na tain'omby masaka kely



6. Totofana tany masaka ny lavaka mandrapazahoana dongona kely



7. Lavahana kely eo afvoan'ny dongona ka asiana zezika kaomposita iray tanana Avy eo avela miotrika eo amandrapaha lo azy (1 volana eo ho eo)



8. Atsotaka anaty lavaka ny tahom-bokala iray na roa mirefy 30 sm sy misy « noeud » 4 na 6 Alentika anaty tany ny roa amapatenon'ny tahom-bokala



Afaka ilaina amin'ny andro maina ny bokala rehefa feno 3 volana. Manomboka mavo ny raviny amin'izany Alaina atao masomboly manaraka ny tahom-bokala salama tsara



Tehirizina amin'ny toerana madio, maina ary ambonj palety ny bokala azo



Ananambo na felimirono ♦ ProSAR

HAFATRA :

Ny ananambo dia zava-maniry be otrikaina ary tena ilaina amin'ny ady amin'ny tsy fanjarian-tsakafo.


LESONA IANARANA :

- Famokarana ananambo,
- Fanodinana sy fampiasana ananambo.

TANJON'NY FIOFANANA :


Hahafehezan'ny mpiofana ny :

- Tombony azo avy aminy ary ireo fampiasana azy amin'ny ady amin'ny tsy fanjarian-tsakafo,
- Teknikam-pamokarana ananambo,
- Teknikam-panodinana ananambo (raviny, voany).



FAMOKARANA ANANAMBO NA FELIMIRONGO

Fambolena masom-boly



1. Manao lavaka mirefy 40 sm x 30 sm x 30 sm ary asiana zezika 2 na 3 kilao. Atao mielanelana 2 metatra sy sasany ny lavaka roa



2. Raha ilaina dia tondrahana ny lavaka iray andro mialoha ny ambolena azy



3. Alona anaty rano alina iray mialoha ny fambolena azy ny masomboly



4. Volena voany iray na roa isan-davaka ary tsy atao milentika be anaty tany izany Totofana tany moramora avy eo



5. Raha ilaina dia tondrahana isaky ny 2 andro. Vao maraina na rehefa milentika masoandro ny fanaovana izany



6. Afaka iray volana, rehefa lava ny sampany vaovao dia tapahina koa ny lohany




7. Avaina rehefa be ahi-dratsy Azo avela eo ny ahi-dratsy handrakotra ny tany



4. Ambolena iray isan-davaka ny botira azo ary ny iray ampahatelony ny ravana ary atao anaty tany. Vao maraina na hariva ny fambolena azy.



8. Mba ahazoana sampany maromaro dia tapahina ny lohan'ny tahony fototra rehefa afaka roa volana.



9. Asiana zezika rehefa mialohan'ny vanim-potoan'ny orana.



10. Rehefa afaka 3 volana dia efa azo ilaina ny raviny. Vao maraina na hariva ny filana azy. Isaky ny iray volana dia efa afaka mila ravina fezay.



11. Tapahina ny rantsan'ilay hazo rehefa mila ny vokatra. Esorina amin'ny tahony ny ravana ary atao anaty harona. Azo omena biby fiompy toy ny omby ny tahony malemby.

Ananambo na felimirongo ♦ ProSAR



Mise en œuvre par
giz
Deutsche Gesellschaft für Internationale Zusammenarbeit (GIZ) GmbH




FANODINANA SY FAMPIASANA ANANAMBO NA FELIMIRONGO

Vovoka ravina ananambo maina



1. Sasana tsara ny ravina ananambo avy nilaina.



2. Amainina ambony tsihy sy amin'ny aloka (tsy azon'ny masoandro) ny ravina mba tsy ho simba ny otrikaina ao anatin'ny.



3. Sarahina amin'ny tahony ny ravina 2 andro aty aoriana.



4. Avy eo amainina amin'ny aloka foana mandritry ny 3 na 4 andro.



5. Totoina ahazoana vovoka manify miloko maintso.



6. Avy eo sivanina.



7. Tehirizina anaty boaty na plastika tsy azon-drovotra sy hain'andro.

Vovoka voan'ananambo



1. Ilaina sy atao anaty harona madio ny isiny maina amin'ny hazo (9 volana aorian'ny nambolena azy).



2. Avy eo esorina ny voany.




3. Voasana ny voany azo ary amainina avy eo. Azo atao zezika iny hodiny iny.




4. Totoina ahazoana vovoka manify ny voany azo.



5. Maka vovoka 2 sotrokelv atao anaty rano avy nampangotrakana fahefahitatra. Haroharoana mba hifangaro tsara avy eo Tatavanina.



6. Ahidina anaty rano iray sihò (20 litatra) hodiovina ilay izy avy eo.



7. Haroharoana mba hifangaro tsara avy eo. Avela hipetraka mandritra ny adiny iray eo ho eo. Lasa midina any ambany ny loto rehetra. Alaina tao anaty sihò ny rano madio ety ambony ary atao anaty sihò hafa madio tsara.

Menaka voan'ananambo



1. Ilaina sy atao anaty harona madio ny isiny maina amin'ny hazo (9 volana aorian'ny nambolena azy).



2. Avy eo esorina ny voany.



3. Voasana ny voany azo ary amainina avy eo. Azo atao zezika iny hodiny iny.



4. Endasina maina amin'ny saba vetivety na amainina ny voany azo.



5. Totoina ahazoana vovoka manify ny voany azo.



6. Mampangotraka rano amin'ny vilany. Arotsaka anaty rano mangotraka ny vovoka azo. Esorina amin'ny sotro be ny roatran'ny mitsikafona ety ambony. Endasina amin'ny saba ny roatran'ny azo mba hanala ny rano aminy.



7. Tatavanina amin'ny lamba manify. Atao anaty tavaongy madio ny menaka azo.

Fifanampian'ny vavy sy lahy ♦ ProSAR

HAFATRA :

Ny famokarana ara-tsakafo dia mitaky fifanampiana sy fifamenoan'ny lahy sy ny viavy.

LESONA IANARANA :

Ny tokony atao'ny lahy sy ny vavy mandritry ny famokarana ara-tsakafo.

TANJON'NY FIOFANANA :


Hahafehezan'ny mpiofana ny :

- Ny tokony atao'ny lahy sy ny vavy,
- Ny mahazava-dehibe ny fifanampian'ny lahy sy ny vavy eo amin'ny ady amin'ny tsy fanjarian-tsakafo.




Fifanampian'ny vavy sy lahy ♦ ProSAR

IREO TRANGA MAHATONGA NY TSY FANJARIAN-TSAKAFO



Fifanampian'ny vavy sy lahy ♦ ProSAR

IREO TOKONY ATAO MBA HANATSARANA NY FANJARIAN-TSAKAFON'NY AO AN-TOKANTRANO



HAFATRA :

- **Ny famokarana ara-tsakafo** miaraka amin'ny agroekolojia dia ahafahana tsara miady amin'ny tsy fanjarian-tsakafo sy ny fiovaovan'ny toetr'andro.
- **Karakarao aho hikarakarako anao.**


LESONA IANARANA :

- **Fitantanana ny fahalonahan'ny tany,**
- **Teknikam-pamokarana,**
- **Fiadiana amin'ireo ahi-dratsy sy bibikely ary ireo aretina mpanimba voly.**

TANJON'NY FIOFANANA :

Hahafehezan'ny mpiofana ny :


- **Mahazava-dehibe ny fitantanana ny rano sy ny fahalonahan'ny tany,**
- **Teknikam-pamokarana tsara atao mba ahazoana vokatra tsara nefa tsy manimba tany.**



INONA DAHOLO IREO ANTONY MAHATSARA VOKATRA ?




FANAMBOARANA ZEZIKA KAOMPOSTA




- 1. FOKARAKARANA NY TOERANA**
- Toerana maloka sy talakin-drivora
 - Asiana ratsan-kazo amin'ny sisiny ho talatalana
 - Asiana tsatoka eo afovoany ahafahan'ny rivotra mivezeivy




- 2. AROTSAKA NY AKORA VOALOHANY**
Couche voalohany : Taho avy amin'ny zava-maniry novolena (katsaka, tsaramaso, ovy,...)



- 3. AROTSAKA NY AKORA MANARAKA**
Couche faharoa : taim-biby fiompy nana sesipahitra



- 4. AROTSAKA NY AKORA MANARAKA**
Couche fahatelo : fakon-java-maniry maitso voatetika madinika.
- Tsara raha ireo zavamaniry fampiasa hiadiana amin'ny bibikely mpanimba no ampiasaina (voandelaka, tephrosia, consoude, taretra, radiaka,...)
 - Tondrahana rano kely



- 5. ALAHATRA MIFANGARO MIFANESY NY :**
Zava-maniry maina / Zezi-pahitra / Zava-maniry maitso.
Tondrahana rano kely




- 6. SAROMANA NA TAFOINA**
- Ho fiarovana azy amin'ny masoandro sy ny orana
 - Saromana mololo matevina

- 7. AVADIKA ISAKY NY 15 ANDRO :**
- in-2 na in-3 mamadika mandram-pahamasaky ny zezika
 - Tondrahana rano kely matetika tsy ho maina

- **MASAKA NY ZEZIKA REHEFA**
 - Mangatsiaka sy miloko mainty toy ny volon-tany masaka
 - Tsy ahitana fiavahany ny akora rehetra nampiasaina
- **AZO TEHHIRIZINA NY ZEZIKA COMPOSITE TSOTRA**
- **AZO AMPIASAINA AVY HATRANY**



FANAMBOARANA ZEZIKA RANONY

1. Fenoina rano ny 2/3
ny siny na barika



2. Ny 1/3 ambiny dia fenoina :

- Zavamaniry karazana « Légumineuse » voandelaka madinika
- Zezi-pahitra na kaomposta masaka tsara ary atao maromaro kokoa noho ny zavamaniry



3. Saromana ny fangaro ary
avela hiotrika mandritra
ny 4 andro



4. Haroina isaky ny 4 andro
mandrapahamasaky ny ranon-
jezika



5. Tatavanina rehefa masaka
tsara ny ranon-jezika.
(Afaka 21 andro eo ho eo)



6. Tehirizina amin'ny tavoahangy
plastika ilay ny ranon-jezika azo

- Tsy saromana tanteraka ilay tavoahangy fa asiana lavaka kely ihany mba hialana amin'ny fipoahan'ny sarony rehefa mipetraka ela (mibontsina noho ny fermentation)
- Tapohina rano (in-5 amin'ny fatran'ny ranon-jezika ampiasaina) alohan'ny hampiasa azy amin'ny voly

FANAMBOARANA ZEZIKA KANKANA



1. Fanomanana ny zezi-pahitra : avela hiotrika mandritra ny 1 volana sy tapany amin'ny toerana misy alokaloka mandrapazahoana loko mainty



2. Tondrahana indroa isan-kerinandro



3. Tapahina sahabo 10 sm ny ahitra maina (mololo) sy fako mando (fako mora lo ao andakozia, ravina lena)



4. Afangaro amin'ny tain'omby ao anaty lavaka. Tain'omby antsasany ary fako maina sy lena ny antsasany




5. Tondrahana ny fangaro mandrapazahoana ny hamandoana ilaina



6. Saromana amin'ny sachet mainty avy eo



7. Tondrahana indroa isan-kerinandro ny fangaro ary avadika afaka 2 herinandro



8. Omanina ny valam-piompiana kankana : 20 sm ny halalin'ny 1 metatra ny sakany. Ny halavy kosa tsy voafetra



9. Fenoina kaomposta ny valampiompiana. Tsy atao mifatratre be ny kaomposta ao anaty vala mba ahafahan'ny kankana mihetsika sy mifindrafindra toerana. Tsy atao mihaotra ny 40 sm ny hahavon'ny kaomposta ao



10. Tondrahana ny fangaro mandrapazahoana ny hamandoana ilaina. Saromana bozaka ny fiompiana arakaraka ny vanimpotoana sy ny toetr'andro ahafahana mitazona hamandoana



11. Afaka iray andro dia aparitaka eo ambonin'ny zezika mando tsara ny kankana (3 kilao eo ho eo)



12. Afaka folo andro dia rakofana bozaka maina sy sachet plastika mainty ny fiompiana mba hitazonana ny hafanana sy ny hamandoana ary hiarovana ny kankana amin'ny masoandro



13. Tondrahana afaka roa andro raha ilaina, ary atao indroa isan-kerinandro izany avy eo



14. Fanaraha-maso : esorina ireo zavatra tsy mety lo, izay mety ho fahavalon'ny kankana toy ny vorona, vitsika, milles paty, ... Esorina ihany koa ny kankana maty



15. Alaina ny zezika sy ny kankana rehefa manomboka miloko mainty izy sady tsy misy fofona Entina eo ambon'ny latabatra fitsiponana ny zezika ka tsiponina ny kankana ary esorina ny fako tsy ilaina



16. Avela amin'ny efitra azon-drivotra sy tsy tratran'ny masoandro ny zezika mandritra ny 3 herinandro farafahakeliny mba ahafahan'ny atodin-kankana tsy voatsipona ho foy. Mandritra ny fanatobiana dia lafiana sakafo ny zezika mitoby ho vantatin'ny zana-kankana foy



17. Tsiponina indray mandeha indray ny zezika mba hakana ireo zanankankana ireo Sivianiana amin'ny aloka avy eo



18. Averina any anaty valampiompiana ny kankana sy ny zezika mbola tsy masaka

TEKNIKA AGROEKOLOJIKA MANARA-PENITRA




FAMPIVADIAM-BOLY SY FIFANDIMBIASAM-BOLY



Lalàna :

- Tsy azo atao ny fambolena tokana fa mandreraka tany
- Tsy azo ampivadiana ny zava-maniry mitovy fianakaviana
- Tsy azo ampivadiana ny zava-maniry mitovy fihinanana

Azo ampivadiana tsara ny legioma sy ny zava-maniry mamofona toy ny (basilic, romarin, thym, menthe, persil, ...) izay mandroaka ny bibikely mpanimba voly ary misintona ny bibikely miaro ny voly



Lalàna :


- Tsy azo ampifandimbasana ny zava-maniry mitovy fianakaviana, mitovy zavatra ilaina ary mitovy bibikely mpihinana
- Sarahina toerana ny zava-maniry mitovy fihinanana

ADY GASY MIARO AMIN'NY ARETINA MPAHAZO NY VOLY

Akora : Kaonsoda (Hiadiana amin'ny aretina lagaly sy mandroaka bibikely mitily)



Akora : Apombo malemy (Hiadiana amin'ny aretina kifotsy - oidium)



Akora : Tainomby



Ady amin'ireo lagaly,
Miaro sy manala ny pondy (conchenille)
raha miaraka amin'ny amanin'omby

10 litatra ho an'ny 1 ara :
Atao sisa-tapabolana (miar)
Atao isa-kerinandro (mitsabo)

Akora : Laloasy na Taretra



Ady amin'ireo lagaly, harafesina hita
amin'ny ravina
Manampy ny famongorana akata tsy ilaina
toy ny aneage

Tandremo : mampangidihidy ny rano
taretra raha mipitika amin'ny hohoditra

ADY GASY MIARO AMIN'IREO BIBY MPANIMBA VOLY

Akora : Sakay pilokely



1. Totoina ny sakay



2. Sakay pilokely 4 sotra lehibe + Molaly na savony gasy 4 sotra lehibe.
Atao anaty rano 10 litatra



3. Afangaro tsara.
Milona indray alina



4. Tatavanina



5. Afafy amin'ny maraina

Mampilay say manakana ny asan'ny vitsika, ny pondy, mamono ny ramerina, kimavo, oli-panjely

Atao isan-kerinandro

Akora : Tongolo lay



1. Voatoto 2 sotra lehibe + rano 1 siny



2. afangaro tsara ary milona indray alina



3. Afafy amin'ny maraina

Mamono ireo biby mitily toy ny : ramerina, pondy, aboaly, lolo, besoroka, angely, voangory,....

Atao isan-kerinandro

Akora : Tamotamo (Ady amin'ny bibikely anaty tany)



1. Tamotamo 0.5kg + Voandelaka efa masaka 2 kapoaka



2. Totoina



3. Afangaro amin'ny masomboly

Akora : Nimo



1. Totoina 0.5kg na 2,5 kapoaka na 1 sobika ravina



2. Afangaro amin'ny rano 10 litatra



3. Saromana hilona indray alina



4. Tatavanina



5. Afafy maraina na hariva

Mamono ireo bibi mitily mpanimba voly toy ny : ramerina, pondy, aboaly, lolo, besoroka, ...

Miady amin'ny biby anaty tany koa (Voana na voangory kely mainty, kimboambo, sakivy,...)

Akora : Paraky (Mamono ireo biby mitily)



1. Paraky 1 kg na raviny 1 sobika.
Alona anaty rano 15 litatra + savony gasy madritra ny 1 andro



2. Saromana hilona 1 andro



3. Afafy maraina na hariva isan-kerinandro

Fiotazana (filana) sy fitehirizam-bokatra ♦ ProSAR

HAFATRA :

- Ilao amin'ny fotoana maha masaka tsara azy ny vokatra ary mampiasa teknika manara-penitra mba hitandrovana ny kalitaony
- Ny vokatra maina tsara na voahodina no azo tehirizina maharitra
- Ny vokatra tsara kalitao dia anisan'ny antoky ny fahasalamana

LESONA IANARANA :

- Teknikam-piotazana sy ny azo atao hitehirizana azy maharitra

TANJON'NY FIOFANANA :

Hahafehezan'ny mpiofana ny :

- Fomba fiotazana ny vokatra
- Teknikam-piotazana manara-penitra



FITEHIRIZANA AMIN'NY VATA MANGATSIKA NATORALY (MAHARITRA IRAY VOLANA)


1. Safidiana ary esoriana
ny vokatra ratsy



2. Sasana amin'ny rano
madio ny vokatra
voasafidy



3. Asiana vata kely ao
anaty vata lehibe



FASIKA
+
RANO

4. Rarahana fasika ny
manelanelana azy roa
ary tondrahana rano
izany avy eo




5. Fonosina anaty
sachet plastique
ny legioma ho
tehirizina



6. Atao ao anaty vata
kely ilay legioma
mifona sachet



7. Asiana rakotra
mando avy izy
rehetra
Tsy azo avela
maina ilay rakotra
sy ilay fasika



FANAMAINANA (FANAPEZANA) AMIN'NY MASOANDRO

Fanamainana legioma na voankazo amin'ny masoandro



1. Safidiana ary esoriana ny vokatra ratsy



2. Sasana amin'ny rano madio ny vokatra voasafidy



3. Tetehina madinika avy eo



4. Atsokoka vetivety anaty rano mafana na ampandalovana ambony entona mafana ny vokatra azo avy eo

(Avadibadika amin'izay mahazo hafanana tsara ny rehetra. Vao vita izany dia kobanina amin'ny rano mangatsiaka malaky)

5. Avela hitsika tsara ny rano



Fanamainana mivantana amin'ny masoandro (ho an'ny kajaha, bokala, bodoa, ...)



1. Ampidirina ao anaty vata fanamainana ny clé misy ilay vokatra Afamadibadika ny clé sy ny vokatra amainina



2. Totoina ny vokatra maina azo raha ilaina



3. Sivanina ilay vovoka azo



4. Fonosina sachet plastika mihidy tsara sy tsy tafiditra rivotra ny vokatra azo Soratana eo ny daty nanamboatana azy sy ny daty fara fihinanana azy (6 volana eo ho eo)



5. Atao anaty baoritra ilay sachet mba hisorohana ny fahasimbana ateraky ny masoandro



6. Tehirizina amin'ny toerana madio sy maina ilay baoritra

Fanamainana tsy mivantana amin'ny masoandro (ho an'ny voankazo, legioma, ananambo)



1. Ampidirina ao anaty vata fanamainana ny clé misy ilay vokatra Afamadibadika ny clé sy ny vokatra amainina



2. Totoina ny vokatra maina azo raha ilaina (ho an'ny ananambo ohatra)



3. Sivanina ilay vovoka azo (ho an'ny ananambo ohatra)



4. Fonosina sachet plastika mihidy tsara sy tsy tafiditra rivotra ny vokatra azo Soratana eo ny daty nanamboatana azy sy ny daty fara fihinanana azy (6 volana eo ho eo)



5. Atao anaty baoritra ilay sachet mba hisorohana ny fahasimbana ateraky ny masoandro




6. Tehirizina amin'ny toerana madio sy maina ilay baoritra

FITEHIRIZANA ANATY RANO SIRI (FITEHIRIZANA MAHARITRA 1 VOLANA SY TAPANY)



1. Sasana tsara amin'ny rano madio ny bokaly itehirizana ny vokatra




2. Ampandalovana vetivety anaty rano mangotra anaty vilany avy eo hamonoana ny mikraoba



3. Safidiana ary esoriana ny vokatra ratsy

4. Sasana amin'ny rano madio ny vokatra voasafidy Tsihifina tsara avy eo




5. Tetehina madinika tsara. Atao anaty bokaly ny vokatra voatetika ary afatratra tsara. Omanina ny rano sira 2 % ho ampiasaina (Sira 1 sotrokely levonina anaty rano avy nampangotrahana 1 litra) Fenoina ilay rano sira ilay bokaly misy ilay vokatra



6. Tehirizina amin'ny toerana madio sy maina tsara ilay bokaly



7. Tehirizina amin'ny toerana madio sy maina tsara ilay bokaly



8. Afaka tapa-bolana dia afindra miaraka amin'ny ranon-tsira anaty bokaly madio tsara hafa somary kelikely ilay vokatra efa masira

Saromana sy Hidiana tsara tsy ho azondrovotra ilay bokaly avy eo ary apetraka amin'ny toerana madio sy maina

9. Mialohan'ny ihinanana ny vokatra dia tsara raha alona anaty rano mandritra ny tapak'andro ilay vokatra azo (Legioma 1 kilao alona anaty rano 10 litra)



RIHAM-BOATABIA




1. Safidiana ary esoriana ny vokatra ratsy



2. Sasana amin'ny rano madio ny voatabia voasafidy



3. Tetehina madinika ny voatabia miisa 20.



4. Esorina ny voany



5. Mampangotraka rano



6. Arotsaka anaty rano mangotraka ny voatabia

7. Esorina afaka fahefa-kadiny (15 minitra)
Potserina amin'ny sotro ny voatabia
Fihiazana amin'ny lamba madio hialan'ny rano tsara



8. Andrahoina indray mandeha mba hialan'ny rano sisa tavela ao



9. Asina :
Sira 3 tsongo
Siramamy 2 tsongo
Dipoavatra 3 tsongo



10. Arotsaka anaty bokaly hitehirizana azy avy eo ary hidiana tsara tsy ho azondrivotra

RIHIM-BOANKAZO NA CONFITURE




1. Safidiana ary esorina ny vokatra ratsy



2. Sasana amin'ny rano madio ny vokatra voasafidy



3. Voasana na esorina ny hodin'ilay vokatra (raha ilaina) Tetehina madinika avy eo




4. Afangaro miaraka amin'ny siramamy mitovy lanja aminy avy eo ny vokatra azo ary asiana hoditra voasary makirana voakiky. sy ny ranony ihany koa



5. Afangaro ary avela hijanona fotoana vitsy eo mba hivahan'ny ranom-boankazo



6. Andrahoina ambony afo tsy dia mahery ny fangaro ary haroharoina matetika mandrapahoana rihitra madity. Esorina amin'ny sotrobe ny roatra eo an-tampony, ka afangaro ny rihim-boankazo



7. Arotsaka anat bokaly madio sy maina avy eo ary hidiana tsara tsy ho azon-drivotra



8. Ampandalovana vetivety anaty rano mangotraka ilay bokaly ary avela hangatsiaka avy eo

GARI (MAHARITRA HATRANY AMIN'NY ROA TAONA NY FITEHIRIZANA AZY)



1. Safidiana ary esoriana ny vokatra ratsy



2. Safidiana ary esoriana ny vokatra ratsy



3. Sasana amin'ny rano madio
ny vokatra voasafidy



4. Kikisana amin'ny kapoaka
novelarina ary noloadoahina




5. Atao anaty gony ny kajaha voakiky
ary apetraka amin'ny toerana madio
mandritra ny 2 andro



6. ESORINA tao anaty gony
ilay kajaha ary amainina
(tsindriana vato mba
hampivoaka ny rano rehetra
tavala ao.)



7. Potipotehina amin'ny sivana
ilay paty maina sady esorina
ihany koa ny « fibre » ny



9. Tehirizina anaty gony
na sachet plastika
madio

8. Endasina ambony lapoaly ilay vokatra azo
mandrapazahoana loko volon-davenona
Avela mangatsika izy ary avy eo
sivanina mba hanesorana izay mbola
mivaingambaingana



RANONESY (SIROP) AZO AVY AMIN'NY VOANKAZO



1. Safidiana ary esoriana ny vokatra ratsy



2. Sasana amin'ny rano madio ny vokatra voasafidy




3. Sasana amin'ny rano madio ny vokatra voasafidy



4. Kikisana amin'ny kapoaka novelarina ary noloadoahina (raha ilaina)




5. Fiazana ny ranon'ilay vokatra azo



6. Ampiana siramamy sy rano madio avo telo heny ny lanjany avy eo



7. Andrahoina sy haroharoana ny fangaro rehetra mandrapihenany very sasaka.




8. Atao anaty tavoahangy madio sy mihidy tsara mba hitahirizana azy maharitra
Tapohana rano avo 6 heny ny sirop rehefa hisotro azy

AHOANA NY FAMPIASANA NY VOKATRA VOAHOINA AMIN'NY SAKAFO ?



Hanina direkta



Alona anaty rano aloha



Fandrotsahana ny vovoka amin'ny sakafo